



Conférence des Évêques de Madagascar
SECRETARIAT DE COORDINATION
102 bis, rue Cardinal Jérôme Rakotomalala
BP. 667
Antanimena Antananarivo – 101

HAFATRY NY FIVONDRONAMBEN'NY EVEKA ETO MADAGASIKARA

“Ny Fanahy Fahamarinana no hitari-dalana anareo amin’ny marina rehetra”
(Jo 13, 20)

Ho an’ny mpino katolika manerana ny Nosy
Ho an’ny vahoaka malagasy sy ny tsara sitrapo rehetra,
Homba anareo anie ny Fiadanana!

Ry havana,

Hafaliana ho anay Evekan’i Madagasikara ny nihaona tamin’ny alalan’ny « vidéoconférence », nifampizara vaovao sy nifampidinidinika. Isaorana Andriamanitra fa mafy orina ny finoantsika na dia eo aza ny fitsapana manohintohina ny fiainana ny maha zanak’Andriamanitra antsika. Amin’izao Pantekôty 2021 izao dia tianay Raiamandreninareo ny mitondra hafatra amin’ny maha-dimbin’ny Apostoly anay, manohy ny iraka nankinina amin’ny Eglisy Reny, sady Mpampianatra no Mpaminany.

Vaovao mahafaly lehibe ho antsika mianakavy ny nanendren’ny Papa Fransoa ho Evekan’i Tsiroanomandidy an’i P. Gabriel Randrianantenaina. Trotrointsika am-bavaka ny handraisany ny Sakramentan’ny Fandrahahahaha Masina eo amin’ny laharan’ny Eveka ny alahady 11 jolay 2021 izao any Tsiroanomandidy. Miarahaba ny diosezin’i Tsiroanomandidy nahazo Mpiardry Ondry vaovao ary mankasitraka ny Papa Fransoa nitsinjo ny Eglisy eto Madagasikara. Ivavahana mafy koa mba hahazo ny anjarany tsy ho ela ireo diosezy mbola kamboty.

FIATREHANA NY ADY AMIN’NY VALAN’ARETINA COVID 19

Mitohy ny ady amin’ity fahavalox tsy hita maso ity. Rahoviana no hifarana ? Isaorana ny rehetra tsy kivy ary tsy miraviravy tânana. Mitondra am-bavaka ireo rehetra lavo isika. Mampionona ny fianakavian’izy ireo. Mankahery ireo diosezy sy fikambanan-drelijozy namoy ny mpikambana tao aminy sy ireo mpitondra fivavahana amin’ny fiangonana rahavavy. Mirary soa ihany koa ho an’ireo mbola marary mba hahita fahasiranana haingana. Tsarovy fa ny Eglisy dia mitondra isan’andro eo amin’ny tenany ny ratra mahazo ny zanak’olombelona¹.

Fanehoam-pisaorana sy fankasitrhana

Manoloana izao ady sarotra izao dia mankasitraka ny fitondram-panjakana izahay. Tsy mitsahatra tokoa izy ireo mikaro-bahaolana manoloana ny zava-miseho isan-karazany eto amin’ny firenena. Ankasitrhana ny fanafarana ny vaksiny sy ny fanomezan-danja ny fikarohan’ny manam-pahaizana mamoaka fanafody avy amin’ireo harena voajanahary eto amintsika. Afaka misafidy an-kalalahana ny rehetra amin’izay fomba entiny miaro tena amin’ny valan’aretina. Isaorana koa ny famatsiana ara-pitaovana sy ara-panafody ary ny fanohanana ny mpiasa any amin’ireo tobim-pahasalamana tsy miankina izay mandray an-tanana ihany koa ireo mararin’ny Covid 19. Irariana mba hihatra any amin’ny faritra rehetra manerana ny nosy izany.

¹ Cf. Vatican II, Constitution Apostolique *Gaudium et Spes*, n°1.

Isaorana ianareo mpitandro ny filaminana izay voatery miloloha rano roa siny dia ny asa fampandriana fahalemana sy ny asa fampanarahana ireo fepetra ara-pahasalamana amin'izao hamehana izao ; eny hatramin'ny fitaterana sy fitsaboana ny marary aza. Deraina manokana koa ianareo mpisehatra rehetra amin'ny fahasalamana izay manao vy very ny ainareo, miatrika mivantana ny valan'aretina sy mifanerasera amin'ireo marary. Soa ny ataoanareo rehetra ka rariny ny hanomezana anareo fanampiana manokana manoloana ny hasarotry ny asanareo.

Antso ho amin'ny filaminana sy fiaraha-mientana

Korontana miteraka fahasahiranana mafy no entin'ity valan'aretina ity. Tsy misy afabela amin'izany ny firenena eto ambonin'ny tany. Hita fa manova tanteraka ny fomba fiaina sy ny fifandraisan'ny samy olombelona izy ity. Ady iombonana no atao ka anaovanay antso avo amin'ny olona rehetra tsara sitrapo. Aina no arovana ka aoka ny rehetra hanaraka antsakany sy andavany ireo fepetra ara-pahasalamana. Maharary ny fiantraikan'ny fepetra raisina izay mety tsy ho lavorary tanteraka kanefa arakaraka ny iarahantsika mientana no mety hanafaingana ny fiverenan'ny fiainana amin'ny laoniny. Aoka tsy ho ny tahotra no hanery antsika amin'ny fanatanterehana izany.

Miatrika ady isika ka adidin'ny fitondram-panjakana foibe ny manome ny paikady ankapobeny. Tena ilaina koa anefa ny fiaraha-midinika amin'ireo Ray aman-dreny isantsokajiny sy ireo herivelona amin'ny fepetra raisina isam-paritra. Tsy mitovy mantsy ny fishehoan-javatra amin'ny faritra tsirairay, eny na ny zava-misy antanan-dehibe sy ambanivohitra aza. Fanirianay ny mba hahafahan'ny Eglizy sy ny sekoly any ambanivohitra tsy ahitana trangan'aretina misokatra malalaka.

Iangavianay an-tanan-droa ny hampitsaharana ny fifandrangitana ara-politika, ny fambolena korontana tsy hitondra vokatsoa velively sy ny fanararaotana izao vanim-potoana sarotra izao hikatsahana tombontsoa manokana. Koa andeha re haverina ny firaisan-kina sy ilay "fihavanana", soatoavina tena malagasy nimatimatesan'ny ntaolo fahiny.

Mampalahelo ny mahita sy mandre fa na dia ao anatin'izao ady sarotra izao aza dia misy foana ny mahita hirika hanaovana kolikoly sy fanararaotana amin'ny sehatra sy ny ambaratonga samihafa. Dia tsy ho afaka amin'izany toetsaina mamohehatra izany mihitsy ve isika? Koa miantso ny feon'ny fieritreretan'ny tsirairay fa tsy ho tafarina mihitsy ny fiainan'ny Malagasy raha mbola tsy voafehy ny kolikoly sy ny fitiavan-tena mahazatra.

Manana adidy lehibe amin'izany ny asa fampielezam-baovao izay sady sarobidy no sarpady natao hanampiana sy hanabeazana ny vahoaka. Hajao ny etika sy deôntôlôjjan'ny asanareo fa aza manaiky ho difotry ny tambajotran-tserasera baranahiny. Aoka mba ho sehatra hanambarana ny vaovao tena izy sy voamarina ny fitaovam-pifandraisanan'ny mpiara-belona ka hahatonga ny rehetra ho mpandala ny fihavanana.

NY FANABEAZANA

Anisan'ny sehatra voatohintohina mafy amin'izao hamehana ara-pahasalamana izao ny lafiny fanabeazana izay iankinan'ny ho avin'ny taranaka ! Laharam-pahamehana koa anefa ny fitandroana ny aina. Ao anatin'izao hamehana izao koa dia misy ireo programa sy pedagogia vaovao toa asisika, manahirana ny maro. Koa miantso fifanatonana izahay Raiamandreninareo. Tena zavadehibe ny fiaraha-midinika matotra hirosoana amin'ny fanapahan-kevitra tena izy.

Angatahinay ny mba hijerena akaiky ny fanohanana araka izay azo atao ireo sekoly tsy miankina izay tena mandray anjara lehibe amin'ny fanabeazana ny zana-bahoaka nefo dia mandray ny kihony tokoa amin'ny fotoana tsy maintsy anakatonana ny sekoly.

Mitodika aminareo mpianatry ny onivesite izahay Raiamandreninareo. Ara-drariny ny fitakiana atao raha misy zavatra manahirana nefo aoka halavirina ny fanaovana heriseta, ny fanelingelenana ny fiainan'ny mpiara-monina sy ny fanimbàna ny fananana iombonana.

Mifanohitra tanteraka amin'ny soatoavina takian'ny fanabeazana ho olom-pirenena vanona izany. Aoka ianareo hifantoka tsara amin'ny fanomanana amim-pahamendrehana ny ho avinareo fa izany no andrasan'ny ray aman-dreninareo aminareo.

Mitodika aminareo mpitantana sy mpanabe eny amin'ny Anjerimanontolo koa izahay. Sarobidy sy saropady ny asa fanabeazana amin'ireny toerana ireny, toerana heverina fa hivoahan'ireo olomangan'ny firenena rahatrizay. Aoka mba tsy ho fampitam-pahaizana aratsaina fotsiny ny Anjerimanontolo fa ho fampitâna koa ireo soatoavina sy fahendrena maha-olom-banona sy maha-malagasy. Tsy tokony ho hita any amin'ny Anjerimanontolo ny fanaovana kolikoly sy ny fampiasana ny tanora ho fitaovana ara-politika na ho fitaovana ho amin'ny tombontsoa manokana. Tokony ho ohatra amin'ny firaitsankina sy fihavan'an'ireo foko samihafa eto amin'ny nosy ihany koa ny Anjerimanontolo.

NY TONTOLO IAINANA

Efa loza mihiatra mihintsy ny fahasimban'ny tontolo iainana. Hita miharihary izany amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny fisehoan'ireo loza vokatry ny fikorontanan'ny zavaboary : haintany, tondra-drano, fihotsahan'ny tany, havandra, sns. Manaitra antsika ny Papa Fransoa fa “raha ny fandehan’izao zava-misy ankehitriny izao no mitohy dia fiovâna toetr'andro tsy mbola fahita sy fahapotehan'ny rohi-piaianana voajanahary tsy roa aman-tany no hitranga, amin'ity taonjato diavintsika ity, ary hahatsiravina ny vokatr'izany ho antsika rehetra.”² Misy ny haintany mafy miteraka kere any atsimo nefâ koa i Madagasikara manontolo dia mahatsapa ny tsy fahampian'ny rotsak'orana. Raha izao no mitohy, tsy ho ela dia hahenika ny Nosy ny kere.

Nifandrimbonana ny fambolen-kazo sy ny fanadiovana ary ny fikajiana ny tontolo iainana fa “tranobe iombonana”³. Tena tsy mikely soroka ireo tompon'andraikitra hampahomby ny ezaka natao. Misongadina ny ezaka vita kanefa indrisy fa toa herim-po very maina. Mbola mahazo vahana ny doro tanety sy ny fitrandrahana tsy voahevitra ireo faritra arovana. Miharîtra ireo loharano. Ho zava-poana ny ezaka atao rehetra raha tsy miova fenitra isika.

Koa manao antso avo amin'ny vahoaka rehetra any ifotony izahay mba hanara-maso sy hiaro ireo hazo novolena ary hanaja sy hikoja ireo ala sisa tavela. Aoka samy hahatsiaro tena ho tompon'andraikitra isika amin'ny fikajiana ny tontolo iainana sy ny fanabeazana ny taranaka amin'izany. Ny aintsika sy ny ain'ny taranaka mihintsy anie no tandindomin-doza e! Adidintsika olombelona ny fikajiana sy fikolokoloana ny zavaboary. “Ny hampalefaka ny fiantraikan'ny korontana miseho ankehitriny dia miankina amin'izay ataantsika dieny izao, indrindra raha mba sainintsika fa ireo izay hizaka ny voka-dratsy dia hametraka ny andraikitra amintsika”⁴. Voaantso ho mpitandrina ny asan-tanan'Andriamanitra⁵ isika koa natao “hanjaka” fa tsy hanjakazaka, natao hikolokolo fa tsy hanimba.

NY FANDRIAM-PAHALEMANA

Ny fandriam-pahalemana no antoky ny fampandrosoana sy ny fiadan'an'ny vahoaka na an-tanan-dehibe na ambanivohitra. Kanefa mbola maro no mandry tsy lavo loha noho ny tahotra sy horohoro. Efa hita ny ezaka ataon'ny mpitandro filaminana hamongotra ifotony ny tambazotra mpandroba ny vahoaka sy mpanao takalon'aina, ampian'ny fiaraha-mientana amin'ny vahoaka any ifotony. Mankasitraka ny fahafoizan-tena asehonareo na mihiatra aman'aina aza izany indraindray.

² Pape François, Lettre Encyclique *Laudato si'*, n° 24.

³ *Ibid.*, n° 03.

⁴ *Ibid.*, n° 161.

⁵ *Ibid.*, n°217

Ombanay manana ny hetahetan'ny vahoaka ny amin'ny fampitomboana sy fampitaovana ny mpitandro filaminana any amin'ny faritra rehetra mba ho **voasoroka mialoha** ny asa ratsy ka tena hilamin-tsaina sy ho afaka mamokatra tokoa ny vahoaka. Anaovanay antso avo ny hamongorana ny kolikoly sy hampanjakana tanteraka ny fahamarinana eny amin'ny sehatry ny Fitsarana mba tsy hampandeha ila ny ezaka atao. Andrasana fatratra ny hahatratrarana ireo mpibaiko sy mpaniraka any ambony mamorona sy mamatsy fitaovana ireny tambazotran-jiolahy ireny mba hahafongotra azy ireny tanteraka.

NY FAMPANDROSOANA ANKAPOBENY

Hita ny ezaka fampandrosoana amin'ny alalan'ireo fotodrafitr'asa maro. Angatahina anefa ny hanamafisana ny fanaraha-maso ireo nahazo ny tolotr'asa mba ho vita ara-potoana ary mba ho zavatra tsara sy maharitra holovain-jafy no hipetraka. Be ny tandrametaka amin'ny fanarenana ireo lèlana simba ka toa very maina ny volam-bahoaka nampiasaina tamin'izy ireny. Angatahina ny fanafaiganana ny fanatsarana ireo lalam-pirenena potika izay efa tena mampijaly ny vahoaka. Irarianay ny hijerena ny laharam-pahamehana amin'ireo fampandrosoana miantraika mivantana amin'ny fiainan'ny vahoaka.

Hoy ny Papa Fransoa: Mila « politika lavorary » hitondra amin'ny « firahalahiana sy fifankatiavana eo amin'ny fiarahamonina » ny firenena tsirairay avy mba hahatonga antsika ho fianakaviambe tokoa miara-miaina eto amin'ity Tranobe iombonana ity. Tsy inona io « politika lavorary » io fa ny fahafoizana sy ny fanompoana ao anatin'ny fahamarinana sy fikatsahana ny soa iombonana⁶.

ANTSO HO AMIN'NY FANANTENANA SY FINOANA ARY VAVAKA

Ry havana, efa niverimberina teo amin'ny tantara ny areti-mandringana toy izao. Na ireo vahoakan'Andriamanitra tao amin'ny Testamenta Taloha aza dia efa nisedra izany⁷. Efa maro koa ny areti-mandoza nandalo tamin'ireo taonjato nifandimby. Tsarovy anefa fa tsy tompon'ny teny farany velively ny ratsy. Ny loza toy izao indrindra no tokony hampitodika antsika amin'Andriamanitra. Matokia fa efa tandindon'i Kristynofantsihana teo amin'ny Hazofijaliana ilay bibilava varahina natsangan'i Moizy sy nobanjinin'ireo voakaikitry ny bibilava ka nahasitrana azy⁸. Eny, mampivarahontsana tokoa ankehitriny ny kaikitra mahafaty entin'ity areti-mandringana ity. Koa banjino i Kristy Voafantsika, efa nitondra ny rofintsika sy nandresy ny ratsy rehetra. Izy ilay nandresy ny fahafatesana sy miantsa antsika handray anjara amin'ny Fandreseny. Izao no fotoana iverenantsika indray amin'ny lèlana fibebahana, hanamafisana ny finoana sy fanantenana ary hiainana ny tena fitiavana.

Natokan'ny Papa Ray Masina ho taona manokan'i Masindahy Josefa⁹ sy ho taonan'ny fianakaviana¹⁰ moa ity taona ity. I Masindahy Josefa ilay Ray Mpitaiza ny Zanak' Andriamanitra sy Mpiaro ny Eglisy maneran-tany. Izy ilay lehilahy marina, olon'ny fahanginana kanefa olon'ny asa ihany koa. Lohan'ny Fianakaviana Masina izy, Ray be hamorampo, feno fanekena sy be herimpo¹¹ ka modely sy mpiaro antsika. Tsy havelantsika handalo fotsiny izao fotoana izao fa araraotintsika hambolena sy hiainana ireo hatsaram-panahy tena kristianina hita tao aminy. Mila Ray mahatoky sy marina tahaka an'i Masindahy Josefa izao vanim-potoana iainantsika izao.

Hiara-mitalaho ny herin'ny Fanahy Masina isika hankahery antsika amin'izao ady sarotra izao. Hihanta koa ny fiarovan'i Masina Maria amin'izao volana anajana azy manokana izao, sy Masindahy Josefa ary amin'ny olomasina sy ireo olontsambatr'i Madagasikara. Efa misy ireo "rojom-bavaka" sy "vavaka totoafو" anentanan'ny Papa Ray Masina ka ataon'ny isan-diosey sy

⁶ Cf. Pape François, Lettre Encyclique, *Fratelli Tutti*, n° 5.

⁷ Cf. 2 Sam 24, 15-25.

⁸ Cf. Fan 21, 6-9.

⁹ Taona manokan'i Md Josefa : 08/12/20 – 08/12/21.

¹⁰ Taonan'ny Fianakaviana : 19/03/21 – 06/06/22.

¹¹ Cf. Pape François, Lettre Apostolique, *Patris corde*, n°2-4

ireo rantsa-mangaika ato amin'ny Eglisy. Amporisihana isika mba hivelona amin'ny herin'ny vavaka mihitsy fa tsy hijanona amin'ny endriky ny fitiavam-bavaka fotsiny¹². Mivavaha, tsy amin-tsentom-po fotsiny fa amin'ny fiankinana tanteraka amin'ilay "Mahefa ny zavatra rehetra".

Mankahery sy mitsodrano anareo izahay Eveka Raiamandreninareo eo am-piatrehana izao fitsapana lalina mandalo amin'ny fainantsika izao.

Antananarivo faha-19 mey 2021

Fahatsiarovana ny Olontsambatra Frera Raphael Louis Rafiringa.

Son Éminence le Cardinal Désiré TSARAHAZANA, Arsevekan'i Toamasina,

Filohan'ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagasikara

Son Exc. Mgr Marie Fabien RAHARILAMBONIAINA, Evekan'i Morondava, Filoha lefitra

Son Exc. Mgr Jean Claude RANDRIANARISOA, Evekan'i Miarinarivo, Sekretera Jeneraly

Son Exc. Mgr Benjamin Marc RAMAROSON, Arsevekan'Antsiranana,

Administrateur apostolique d'Ambohito

Son Exc. Mgr Odon Marie Arsène RAZANAKOLONA, Arsevekan'Antananarivo

Son Exc. Mgr Filgence RABEMAHAFALY, Arsevekan'i Fianarantsoa,

Son Exc. Mgr Fulgence RABEONY, Arsevekan'i Tolinary

Son Exc. Mgr Georges Varkey PUTHIYAKULANGARA, Evekan'i Port-Bergé

Son Exc. Mgr Marcellin RANDRIAMAMONJY, Evekan'i Fenoarivo Atsinanana

Son Exc. Mgr Jean de Dieu RAOELISON, Evekan'i Ambatondrazaka

Son Exc. Mgr Rosario VELLA, Evekan'i Moramanga

Son Exc. Mgr Gustavo Bmbin ESPINO, Evekan'i Maintirano,

Administrateur Apostolique de Mahajanga

Son Exc. Mgr Philippe RANAIVOMANANA Evekan'Antsirabe

Son Exc. Mgr Fidelis RAKOTONARIVO, Evekan'Ambositra

Son Exc. Mgr José Alfredo CAIRES DE NOBREGA, Evekan'i Mananjary,

Son Exc. Mgr Fulgence RAZAKARIVONY, Evekan'Ihosy

Son Exc. Mgr Gaetano DI PIERRO, Evekan'i Farafangana

Son Exc. Mgr Zygmunt ROBASZKIEWICZ, Evekan'i Morombe

Son Exc. Mgr Vincent RAKOTOZAFY, Evekan'i Tolagnaro

Son Exc. Mgr Jean Pascal ANDRIANTSOAVINA, Eveka mpanampin'Antananarivo

Son Exc. Mgr Gabriel RANDRIANANTENAINA, Eveka voafidy ho an'i Tsiroanomandidy

Rév P. Jean Claude RAKOTOARISOA, Administrateur diocésain de Tsiroanomandidy

Son Exc. Mgr Raymond RAZAKARIVONY, Evêque Emérite de Miarinarivo

Son Exc. Mgr Joseph Donald Léo PELLETIER, Évêque Emérite de Morondava

Son Exc. Mgr Michel MALO, Evêque Emérite d'Antsiranana

Son Exc. Mgr Armand TOASY, Evêque Emérite de Port-Bergé

Son Exc. Mgr Antoine SCOPELLITI, Evêque Emérite d'Ambatondrazaka

¹² Cf. 2Tim 3,5.